

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Takelaka Madio

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, voavela ny fahotako rehetra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Iray amin'ireo lafiny mahagaga indrindra amin'ny toetran'Andriamanitra ny hoe rehefa mamela heloka Izy dia manao izany tanteraka sy feno. Ny bokin’i Mika dia manambara izany fahamarinana izany amin’ny fomba kanto:

> "Iza no Andriamanitra tahaka anao, izay mamela heloka sady mandalo ny fahadisoan’ny sisa amin’ny lovany? Tsy mitana ny fahatezerany ho mandrakizay izy, fa tia famindrampo. Hamindra fo amintsika indray Izy, ka hanitsakitsaka ny fahotantsika. Eny, harianao ho any amin’ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra. (Mika 7:18–19)

Tsy mahafinaritra ve izany? Ny zava-dratsy rehetra nataontsika hatramin'izay — izay zavatra rehetra mety hahatonga antsika hahatsiaro tena ho meloka, ny fiampangana rehetra mety hamelezan'ny fahavalo antsika — itsahin’Andriamanitra ao ambany tongotra izany, ary atsipy any amin'ny ranomasina lalina.

Nisy nanamarika fa rehefa narian'Andriamanitra tany an-dranomasina ny fahotantsika, dia nanisy filazana Izy hoe: "TSY AZO JONONA!" Aza miezaka ny hiverina sy hanangana izay nalevin'Andriamanitra. Raha namela anao Andriamanitra, dia voavela heloka ianao. Tsy misy fanontaniana fanampiny. Ny famelan'Andriamanitra dia tanteraka. Ao amin'ny Isaia, Andriamanitra dia miteny amin'ny Olony:

> “Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin’ny tenako; ary tsy hotsarovako ny fahotanareo. (Isaia 43:25)

Rehefa mamela antsika Andriamanitra, dia manongotra ny firaketan’ny fahotantsika Izy; madio ny solaitrantsika. Andriamanitra dia tsy manana fitadidiana ratsy, fa manana ny fahafahana misafidy ny hanadino. Ary rehefa mamela heloka Izy dia manadino!

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-018-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

